## Teknika mirindra ho enti-miady amin'ny aretina fandazo

*Misoroka na mampihena ny fihatraikan'ny aretina amin'ny alalan'ny fanambarana ny karazana fomba fiady :*




✓ Fambolena amin'ny tany tsy misy otrik'aretina fandazo



✓ Fampiasana masomboly voatily mialoha fa tsy misy otrik'aretina fandazo, avy amin'ny karazan'ovy mahatanty



✓ Tsy fanilahana ny masomboly ovy



✓ Fanohofana taona maromaro ny tany misy fandazo amin'ny alalan'ny fambolena voly tsy andairan'ny aretina (serealy : vary, katsaka…)

✓ Fanongotana sy fandoroana ny voly ovy tratry ny fandazo sy ny sisam-bokatry ny voly nararin'ny fandazo

✓ Fisorohana ny ahi-dratsy na ny dimbin'ny voly ovy izay mety hitahiry ny otrik'aretina fandazo

✓ Fandiovana ny fitaovam-pamokarana (eau de javel)





✓ Fanaovana aro-riaka

✓ Fanondrahana amin'ny rano azo antoka fa tsy misy otrik'aretina fandazo



✓ Fanatsarana ny toe-tany na ny sakafon'ny voly amin'ny alalan'ny fitondrana betsaka zezi-pahitra salama (tsy misy taho na fako avy amin'ny voly tratrin'ny fandazo) na zezi-maintso



FSP PARRUR - PArtenariat et Recherche dans le secteur RURal

Coopération franco-malgache
Fonds Solidarité Prioritaire PARRUR

# Teknika mirindra hiadiana amin'ny mandazon'ny ovy *(Ralstonia solanacearum)*



Contacts :
FIFAMANOR
020 44 991 39 - it.fifamanor@moov.mg
Volatsara Rahetlah
033 05 087 28 - volats@yahoo.fr
Vololoniaina Ramalanjaona
033 01 831 54 - it.fifamanor@moov.mg
Blandine Andrianarisoa
033 11 129 67 - blandine@andrianarisoa.net

FIFAMANOR
cirad
anses

## Toetra ankapobeany

✓ Anisan'ny aretina tena mpahazo ny voly ovy any amin'ny faritra mpamokatra (Vakinankaratra, Itasy, Manjakandriana…)



✓ Mitranga amin'ny fotoam-pambolena ovy rehetra: fahavaratra, anelanelan-taona (tanety), ririnina (tanimbary)


✓ Mamely mafy kokoa amin'ny fahavaratra (toetr'andro mafana sy manorana)

✓ Mety miteraka fihenan'ny vokatra hatramin'ny 60-80%

✓ Tsy misy fanafody fanefitra








Cycle infectieux de *Ralstonia solanacearum*

Source : Cellier G.

## Fomba fisehon'ny fandazo amin'ny ovy



*Taho sy ravina :*


✓ Fihoronan'ny ravina vitsivitsy

✓ Fahalazon'ny voly manontolo, arahina fietrena sy fahafatesana (mety hialoavan'ny fahamavoana)

✓ Miloko volon-davenona na volon-tany ny ati-taho

✓ Taho mipentina volon-tany






*Vodin'ovy :*

✓ Misy faritra boribory manopy mavo na volon-tany hita amin'ny vodin'ovy nosilahina izay mandefa tsiranoky ny mikroba miloko fotsifotsy mandray vovoka

✓ Misy tsiranoka fotsy hita amin'ny mason'ny ovy (fihombon'ny aretina)



✓ Fahalovana hita amin'ny hoditra ivelany, miloko volon-tany



## Fiparitahan'ny aretina fandazo


*Miparitaka haingana amin'ny alalan'ny :*



✓ Masomboly ovy miendrika salama (avy amin'ny voly nahatanty aretina) kanefa mitahiry otrik'aretina fandazo


✓ Tany misy otrik'aretina fandazo

✓ Voly tratrin'ny aretina fandazo (ovy, voatabia, ahi-dratsy…)



✓ Sisam-bokatra avy amin'ny voly tratry ny fandazo

✓ Masomboly nosilahina (manokatra varavarana hidiran'ny aretina)



✓ Zezi-pahitra misy taho na fako avy amin'ny ovy na ny voly tratry ny fandazo

✓ Fitaovam-pamokarana misy otrik'aretina fandazo

✓ Ranon-driaka avy amin'ny tanimboly na rano fanondrahana misy aretina fandazo

